# Noelim-pifaliana!



**Ny nahaterahan'I Jesosy- Tantara ao amin'ny Baiboly!**







# Noelim-pifaliana!

*- Ny nahaterahan'I Jesosy- Tantara ao amin'ny Baiboly*



*Sary eo amin'ny fonony: Barbara Meinel Jacobs*

*Nanao ny sary: Fleur Celeste/Nandoko ny sary: Naomi*

*Mpanoratra: Chariane Quille, tantara nalaina avy amin'ny tantara marina ao amin'ny Baiboly momba ny nahaterahan'i Jesosy.*

*www.nurture-inspire-teach.com*




Tovovavy iray antsoina hoe Maria no nofidin'Andriamanitra hiteraka zazalahy kely iray mba hampisehony fitiavany amin'ny olona ety an-tany.

Naniraka anjely Andriamanitra hanambara izany tamin'I Maria.




Nolazain'ny Arkanjely Gabriela tamin'I Maria fa mahefa ny zava-drehetra Andriamanitra ka Ilay zazakely haterany dia hantsoina hoe Jesosy, Zanak'Andriamanitra.

Natoky izay voalazan'ny Arkanjely Gabriela I Maria ary nanaiky ny sitrapon'Andriamanitra tamin'ny fiainany.




Tia an'I Maria I Josefa mpandrafitra ary vonona ny hanambady azy. Tao Nazareta izy ireo no nipetraka.

Maria sy Josefa no hitaiza an'I Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra mandritry ny fahazazany.



Raha nivavaka iny I Zakaria Mpisorona dia niseho taminy ny arkanjely Gabriela ary nilaza fa hiteraka ihany koa I Elizabeta vadiny.

Gaga I Zakaria nahita sy nandre izany. Tena fahagagana avy amin'Andriamanitra ny hahazoany zazakely na dia efa antitra aza izy mivady.



Nandeha namangy an'I Elizabeta rahavaviny I Maria. Nibitaka sy nihetsiketsika ny zaza tao an-kibon'I Elizabeta raha vao nandre ny feon'I Maria.

Faly ery ny zaza nandre ny feon'ny Renin'ny Zanak'Andriamanitra.




Teraka soa aman-tsara ny zanak'I Zakaria sy Elizabeta, Jaona no anarany, araky ny nolazain'ny Anjely.


Rehefa lehibe I Jaona, dia hilaza amin'ny olona  momba an'I Jesosy- Ilay Zanak'Andriamanitra no asany. Hilaza amin'ny olona ny amin'izany vaovao mahafaly izany izy.



Nisy anjely niseho tamin'I Josefa tamin'ny nofy, nilaza taminy fa Zanak'Andriamanitra ilay Zazakely ao an-kibon'I Maria; ka tokony karakarainy tsara ny zaza sy ny reniny.



Rehefa akaiky ny andro ahaterahan'I Jesosy, dia nisy didy vaovao nilaza fa tsy maintsy miverina any amin'ny tany niaviany avokoa ny olona mba hosoratana anarana sy handoa hetra. Dia lasa nandeha nankany Betlehema I Maria sy Josefa.



Nony tonga tany Betlehema izy ireo dia nitady trano hatoriana. Efa feno avokoa anefa ny toerana rehetra.

Tranon'omby sisa no nalalaka- trano fipetrahan'ny biby.



Faly I Josefa sy Maria fa nahita toerana hatoriana ihany, ary izany mihitsy no efa sitra-pon' Andriamanitra- toerana tsotra no ahaterahan'ny Zanany.

Na dia tsy tany amin'ny trano tsara tarehy be aza no teraka Jesosy dia nokarakarain'Andriamanitra tsara ity fianakaviana kely manetri-tena sy tia ary manaiky Azy ity.



Teraka tao an-tranon'omby Jesosy io alina io! Namboarin'I Josefa tsara ny toerana hatorian'I Maria sy Jesosy. Nanamboarany fandriana kely tamin'ilay fihinanam-bilona hatoriany i Jesosy.

Jesosy no Fanomezan'ny Noely ho antsika rehetra. Rehefa lehibe izany zaza izany dia hampiseho sy hilaza ny Fitiavan'Andriamanitra. Noely Voalohany- Ny alina nahaterahan'I Jesosy!



Nanomana fety sy hira ny anjelin'ny lanitra hanambarana ny vaovao mahafaly fa teraka Jesosy, Zanak'Andriamanitra.

Nahita fahagagana ireto mpiandry ondry teny an-tendrombohitra teo akaikin' ny tananan'I Betlehema!



Nisy anjelin'ny Tompo niseho tamin'izy ireo ka nilaza azy ny vaovao mahafaly- fa teraka ao an-tranon'omby ary mandry eo amin'ny fihinanam-bilona Jesosy, Zanak'Andriamanitra.



Dia indreny anjely marobe tonga ihany koa nihira hoe:" Voninahitra anie ho an'ny Avo Indrindra! Fiadanana ety ambonin'ny tany ho an'ny olona tsara sitra-po!"

Faly ny mpiandry omby nandre ny vaovao mahafaly ka vao lasa ireo anjely dia lasa izy ireo nitady ny misy an'I Jesosy.




Nandohalika teo anatrehan'I Jesosy Zazakely izy ireo, nanaja sy nanome voninahitra, ary nidera an'Andriamanitra nandefa ny Zanany ho ety amin'izao tontolo izao.

Avy eo dia nambaran'ireto mpiandry ondry tamin'ny manodidina fa teraka Jesosy. Gaga ny rehetra nandre izany!




Tany alavitra tany koa nisy Majy manampahaizana nianatra momba ny kintana. Indray andro izy ireo dia nahita kintana iray manambara fa misy Mpanjaka- Mpanjaka hafa kely-teraka any ho any.



Te-haneho ny fanajany amin'izany Mpanjaka lehibe indrindra izany ireto Majy telo lahy, ka nifidy ny fanomezana tsara indrindra hatolotra Azy.

Dia nanomana ny entany izy ireo ary lasa nandeha tamin'izany lalana lavitra izany mba hitady an'I Jesosy Zazakely Mpanjaka.



Vonona ny hitady ny toerana misy an'I Jesosy izy ireo ka dia nanohy ny diany. Nitari-dalana azy ireo hatrany ilay kintana hafakely.




Indro fa niseho tandrifin'ny toerana nisy an'I Josefa sy Maria ary Jesosy ilay kintana.

Faly ireto Majy nahita izany! Hitany ihany Jesosy nony farany.



Nandroso ireto majy telo lahy ary nandohalika nanaja ny Zanak'Andriamanitra. Dia nanolotra Azy ny fanomezana izay nentiny: dia volamena sy zava-manitra ary miora.



Androany dia afaka manome ny fanomezana tsara indrindra ho an'I jesosy isika- mizara ny fitiavany amin'ny olona rehetra.

Milaza amin'ny hafa ny tantaran'ny Noely voalohany indrindra: ny nahatongavan'I Jesosy tety an-tany hamonjy antsika ka afaka ho any an-danitra isika indray andro any. Ho faly tokoa I Jesosy amin'izany fanomezantsika izany!



*Tianao ve ny hanao ity vavaka ity hahazoanao ny fiainana mandrakizay izay atolotr'I Jesosy ho fanomezana ho anao?  Tia anao ange Jesosy e!*

***Jesosy Malalako o!***

***Misaotra anao tonga tety aminay tamin'izany fotoana izany nitondra ny famelan-keloka sy fitiavan'Andriamanitra. Mangataka Aminao mba hamela ny hadisoana vitako aho.***

***Fenoy ny Fitiavanao ny foko ary ampio aho hanao ny sitra-ponao. Faly aho mahafantatra fa tia ahy foana Ianao, ary hiaina any an-danitra miaraka Aminao aho satria matoky Anao!***